NY HASIN'NY TANY SY NY FANJAKANA
AMIN'IZAO VANIMPOTOANA IZAO
(OTA SY FADY)

Ny heviny sy ny teny iainana azy

Ny "Hetsika Fanasina" dia hetsika amohazana sy ivoizana kolom-piainana sy jerim-panahy izay kendrena ho tafaorim-paka, hanjary fitandro sy fanahy raikitra iainan'ny taniamamonina.

Ny fitandrovam-pahendrena fonosin'ny FADY no anorenana azy. Misy ***fombam-pahendrena*** kiady miahy sy miambina ny taniamamonina sy ny fanjakana (politika) sady fiaro amin'ny antambo mitatao amin'ireo fonosin'ny FADY. Manankina amin'ny tsirairay avy ny fahendrena tandrovina. Mamatotra ny tsirairay ho samy tompon'antoka amin'ny vokatry ny ataony izay mianjera aminy izy tenany manokana sy izay maningotra ny tany sy ny fanjakana noho ny ataony ihany koa. Maka fototra sady midona hatrany ambadika mihoatra ny takatra sy voasahan'ny tsirairay izany fombam-pahendrena izany.

Anjaran'ny mpanao fikarohana, ny mpandalim-pinoana, ny mpanakanto, ny mpanao politika … ny mitrandraka ny aina miafina mahatonga amin'izany.

Ny kendren'ny "Hetsika Fanasina" dia izay tsy hahatafandrimandry ny masom-panahin'ny taniamamonina ka tsy hamela azy ho "masobe tsy mahita" ny fambara apoitran'ny androany.

Ny babentsika androany

Indreo mifanontona ambony lohan'ny vahoaka amin'ity vanin-tantara ity ny lafiny samihafa mahafady ny fady. Santa-dratsin'ny ***famingavingana sy famavetavetana*** fototry ota ny fandrombaham-pahefana. **OTA** tsy roa amin'ny tadidim-bahoaka teto ambany lanitra izao miseho izao. Manosy ***hasina*** ny fanjakana iaraha-manana (repoblika), ***manota*** **FADY** ny fombam-pitondrana an-tenierana (demokrasia) izay nanao izany. Fanta-poko fanta-pirenena ny Rangory fototry ny antambo na dia mijoro aman-kenatra mandrakodrakotra ny nataony aza.
Mitohivakana manao randran-tarihana manenika ny tany sy ny firenena manontolo ny ***antambo niditra*** noho ny nataony.

Fa na singan'olona izy na tarika samy tsy mahasakana, tsy mahafehy na mahafetra ny antambo vokatry ny nataony.
*- Aina latsaka tamin'ny fitaovam-piadiana, harena sy fananana rava kila hotohoto, haravambe amin'ny fihariam-pirenena sy ny fiarahamonina mahavery fanantenana ny amin'ny hoampitso.
*- Ny volofotsy tsy ananan-kasina. Ny fanahy ratsy no miroborobo: fifampiangana, lolompo sy fankahalana, kolikoly, fitetehana sy fambaboana fananan'ny hafa, asan-jiolahy, fanjakana savorovoro, savorovoro sy fisamahana hatrany anaty fihavanan'ny mpianakavy sy mpiaramonina ary hatramin'ny fiainam-panahy amam-pinoana very toky sy very fanilo.
*- Haravana hatramin'ny tontolo iainana mampamoifo ny taranaka velona izao sy ny taranaka aman-dimby. Ho ritra hatramin'ny haza any anaty ranomasina.

Ny fiarenana

Vahoaka voadona isika izao ka tsy maintsy mirary ho afaka amin'izany ***ozona*** izany ary ho tafarina. Mila fidiovana hamafana ny OTA FADY teto anivontsika. Soa lavo hahay mamindra. 'Ndao hanangana sy hamelona ny fomba ***hanorenana indray*** ny fiaro antoka ho an'ny ankehitriny sy ny taranaka aman-dimby ka:

- ny mikiry ho ***tsivalahara*** hivarinan'ny OTA sy hifandova ny henatry ny nataony,
- ny ***"madio"*** hibaboka fa varian-dratsy tsy nahambina izay hasina niantoka ny fiadanan'ny maro,
- ny ***taranaka doria doria*** hamelona ny fomba aman-kasina sy ny fady momba an'izany ho ***fototra nohavaozina*** hamaharan'ny jery amam-panahiny (hanatomombana ny fomba sy fitondrana an-tenimiera na demokrasia izay, miaraka amin'ny ny soa fitandro ny fanao sy fomban'ny fanjakana iaraha-manana na repoblika).

Eto am-pelatànantsika ny ahazoana mahatanteraka an'izany.

Ny "Hetsika Fanasina" dia asa mitozo ho famohazana ny jery amam-panahin'ny taniamamonina sy ho fivoizana ilay fombam-pahendrena miambina ny fanao aman-kasina politika ary mitandro ny fahaizamiainan'olompirenena tsy hanindroa amin'ny tanintsika ny "Ota sy Fady" nampiditra antambo iainana androany.

Ny tanjony dia ny hanononana ho fadin-taranaka doria doria rehefa mety ho fandrombaham-pahefana na fiakarana amin-kerisetra sy amboletra amin'ny fitondrana. Ary ho "Ota sy Fady" miaraka amin'izany koa ny fandikana ny fomba ankamasinina amin'ny fitondrana an-tenimiera (demokrasia) sy ny fomba ankamasinana amin'ny fiaraha-manana ny fanjakana (repoblika).

Antananarivo 09 fevrie 2010

LE PRINCIPE DU SACRE RELATIF AU PAYS ET A L'ETAT
VECU DANS LA PERIODE PRESENTE
(OTA ET FADY)

Concept et mots-clés

"Hetsika Fanasina", littéralement "Mouvement du Sel"[1], est une campagne pour l'éveil d'une culture et d'une spiritualité appelées à procéder définitivement de la conscience collective.

Elle se fonde sur les acquis de la sagesse tirée de la tradition du FADY (tabou) laquelle implique, engage et transcende l'individu dans la sauvegarde du collectif social et politique comme dans les périls qu'encourt ce collectif. Ce fondement de sagesse implique et responsabilise chaque individu par son acte et la sanction en retour de cet acte qui retombe sur lui-même en particulier mais aussi et surtout qui retombe sur tout le "ny tany sy ny fanjakana" c'est-à-dire le pays physique, le sol et l'organisation de l'état. Par son concept cette sagesse transcende la compétence et le pouvoir de l'individu et par son fondement et par ses retombées.

Il appartient au chercheur, à l'érudit religieux, à l'artiste, au politicien … d'en dévoiler les ressorts profonds.

"Hetsika Fanasina" se donne comme rôle de secouer notre conscience collective d'occupants de ce pays de peur que nous ne passions en aveugles sans voir les symptômes que nous dévoile le vécu de la période présente.

Notre vécu aujourd'hui

L'empirique populaire réunit aujourd'hui les composants du paradigme du tabou traditionnel du "fady". L'accès de force au pouvoir se lit comme un ***sacrilège*** originel et primordial. Jamais dans sa mémoire collective notre peuple n'a connu de précédent. C'est **OTA**, une profanation du sacré (hasina), une ***violation des interdits*** **FADY** de la république et une ***transgression des préceptes, règles et coutumes*** *(fomba)* de la démocratie.

Par son sacrilège le mécréant quel qu'il soit (individu, groupe restreint Rangory fototry ny antambo), connu ou inconnu et quelle que soit sa honte de son acte déclenche sur tout le pays un cortège de ***calamités en cascade*** face auxquelles l'individu (le groupe restreint) est impuissant:
*- Vies enlevées par mort violente et par armes, destruction de richesses, ravage par le feu de biens et édifices, catastrophe économique et sociale avec la détresse et l'incertitude pour la survie.
*- Les cheveux blancs ne confèrent plus la respectabilité. C'est le mal qui prospère: délation, haine et rancunes, corruption, convoitise et main basse sur les biens d'autrui, banditisme. Le chaos s'installe: chaos et désorganisation au niveau de l'Etat, fractures dans le fihavanana et chaos au sein des familles et lignages, au sein de la population, et jusques au sein de la vie spirituelle et religieuse où la foi s'estompe et les repères se perdent.
*- Destruction de l'environnement et détresse de la génération présente et des générations futures. L'épuisement menace jusques aux ressources des fonds des mers.

Refondation

Un peuple frappé (et c'est ce que nous sommes actuellement) tient à briser cette ***malédiction*** pour se régénérer. Il se purifie en son sein du OTA FADY. A quelque chose malheur est bon. Et ce qui n'a pas pu nous tuer nous rendra plus forts. Garantissons-nous pour les générations à venir par un processus de ***refondation***:

- la stigmatisation de l'acte OTA et l'opprobre sur le lignage qui s'entête dans le FADY,
- le repentir des "purs" d'avoir failli comme gardien du sacré garant de la sécurité du plus grand nombre,
- la refondation et le ré-ancrage spirituel du sacré et des tabous FADY y rattachés "doria doria" pour les ***générations des générations*** (normalisation procédures et rites démocratiques, valeurs républicaines consacrées).

Cela est aujourd'hui dans le possible. Les conditions en sont entre nos mains.

"Hetsika Fanasina", "Mouvement du Sel" lance aujourd'hui sa campagne "Ota sy fady" appelée à induire des événements, une mode et des mœurs politiques et civiques c'est-à-dire une ***civilisation*** ainsi qu'une spiritualité dans le sens de cette refondation. Sa finalité est que soit prononcé tabou à jamais tout coup d'état ou accès de force au pouvoir comme toute transgression aux règles et coutumes de la démocratie et aux valeurs républicaines consacrées.

Antananarivo, 09 févr.-10

---

[1] - "Masina" (rencontré dans "ranomasina", littéralement "eau salée" pour désigner la mer,) est le mot-concept du Malgache pour le "sacré". "Fanasina" est ainsi non seulement le "sel" physique mais aussi comme ici "ce qui contribue au caractère sacré".